Ny Valosoa sy Fakafaka 2
**Miharatsy hatrany ny lalan-kizoran'ny firenena**

Tiako i Madagasikara Toamasina 3
**Avadika asa ny toromarika nomen'ny filoha Ravalomanana**

# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 1 septambra 2022 Laharana 1338

Vidiny : **500 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

**"Qualification CAN U 23 MAROC 2023"** 8
**Ny lisitr'ireo mpilalao Malagasy nantsoin'i Boualem Mankour**

**Filoha Ravalomanana** 2

## Tsy atokisan'ny vahoaka intsony ny fanjakana



**Andriankely Ambohimiadana Andramasina** 7

## Loza, lasan'olon-tsotra ny faritr'ala miantoka ny rano sotroin'Antananarivo



**Jean Brunelle RAZAFITSIANDRAOFA** 3

## Manameloka tanteraka ny famonoana ireo mpiray tanindrazana



**Fampianarana ambony** 6

## Mitroatra indray ny mpianatra eny Vontovorona



**VVSD sy ny Collectif des Citoyen d'origine Malgache Monde** 2
Nitondra teny fampiononana ho an'ireo niharam-boina any Ikongo

**Ikongo** 6
Voafonja miisa 120 mahery mbola tsy tafaverina

**Daka kely**



Raha tsy nisy izany ny 6% dia mbola nanao afomanga ihany ialahy ry boaikely a !

RAHARAHA TANY IKONGO

# Tsy atokisan'ny vahoaka intsony ny fanjakana hoy ny filoha Ravalomanana

***MANOLOANA NY VONO OLONA MARO NITRANGA TANY IKONGO FARITRA FITOVINANY, NISY NY FANAMBARANA NATAON'NY FILOHA MARC RAVALOMANANA, FILOHAN'NY RODOBEN'NY MPANOHITRA RMDM, SADY FILOHA NASIÔNALIN'NY ANTOKO TIM:***

"Ry vahoaka Malagasy, tezitra sady malahelo ny tenako manoloana ny vonoin'olona nitranga tany Ikongo. Tsy afaka ny hangina aho satria Malagasy mitovy amiko izy ireo. Manameloka tanteraka ny fampiasan-kery amin'ireo olona tsy manantsiny. Mampahatsiahy fa ny tafika, ny zandary, ny polisy, ny miaramila dia natao fitaovana iarovana ny ain'ny vahoaka sy ny fananany, hiaro azy amin'ny ainy fa tsy natao hamono azy. Lasa fitaovana famoretana, fampiasana ny jadona, lasa natao iarovana ny fahefana ambony, iarovana ireo tombontsoan'ny mpanana sy olombitsy mila fiambenana, fa tsy araka ny asany. Matoa izao mitranga dia tsy matoky intsony ny fanjakana ny vahoaka Malagasy, tsy matoky intsony ny fitsarana matoa misy izao "vindicte populaire" izao na fitsaram-bahoaka... Aiza ny sefo distrika izay natao ho solontenam-panjakana amin'ireny toerana ireny, manelanelana ireo zandary sy vahoaka, hifampidinika sy hifampiresaka? Fa tonga dia natao tifitra variraraka. Amintsika miresaka izao dia misy 23 no voalazan'ity gazety ity... 46 ireo maratra mbola tsaboina. Eto aho dia miondrika am-panajana amin'alahelo tanteraka amin'ireo fianakaviana, havan'ireo maty, ary mampahery ireo mitsabo tena mba ho sitrana haingana. Manainga ny olompirenena rehetra aho samy hahatsiaro ny andraikitra sy adidy amin'ny toerana misy azy avy. Fantatra fa samy Malagasy isika. Iaraha-mahita fa miteny amin'ny teny iray isika eto Madagasikara. Tokony hifamonjy isika, hifanampy. Ireo izay nanatanteraka ny loza amin'antambo dia tokony hilaza amin'ny vahoaka ny vokatra ataony. Nisy ny tany Ikongo, nisy ny tany Ankazobe roa volana lasa izay, ary nisy tany Sakay. Aiza ho aiza ny vokatr'ireny zavatra niseho ireny. Mbola mamerina ihany aho fa misy eto amin'ity firenena ity ny atao hoe krizy. Misy eto amin'ity firenena ity ny antsoina hoe "terrorisme d'état". Ry mpitandro filaminana, ianareo izay mahafantatra sy mahatsiaro tena tsara, tsy ny fahefana hananareo amin'iny fitaovam-piadiana mahery vaika iny no izy, fa ny feon'ny fieritreretanareo. Tsy miady amin'ny nofo aman-drà ianareo, fa amin'ny fanahy ratsy izay manidintsidina eny amin'ny rivotra. Aoka ianareo handinika tsara vao mampiasa an'ireny. Mafy koa raha mafy ny manjo ny vahoaka Malagasy, miaina amin'ny tebiteby, miaina amin'ny tsy fananambola, miaina amin'ny tahotra sy horohoro. Ka dia mangataka amin'Andriamanitra isika, mba omeny fanahy am-pahendrena ireo, mba tsy hamono foana, tsy hampitahotra ny vahoaka Malagasy. Mahaiza mionona ry izy mianakavy tompom-pahoriana sy mana-manjo, fa izao no hetraketraky ny olona miara-miaina amintsika. Tsy hetraketraky ny tany, fa fanahy iniana mihitsy ny namoana olona. Ary ianareo izay tsaboina, ho sitrana soa aman-tsara.

Dia homba antsika mandrakariva Andriamanitra."




***Ny Valosoa***

Hetsika Monpellier

# Manameloka tanteraka ny famonoana Malagasy tany Ikongo

Na any antany tavitra aza ny Hetsika Monpellier dia mahatsiaro ireo Malagasy mpiray tanindrazana aminy namoy ny ainy tany amin' ny distrikan'Ikongo . Nisy araka izany ny fanambaràna navokan'izy ireo

**Fanambaràna**

Ny fikambanana HETSIKA MONTPELLIER, dia maneho ny alahelony noho ireo vono olona mahatsiravina nataon'ny zandary tany Ikongo, ny alatsinainy 29 septembra 2022. Miara miory tanteraka amin' ireo fianakaviana niharan-doza ary miray fahasitranana haingana ho an'ireo maratra. Manameloka tanteraka izao fihetsiky ny zandary izao ny HETSIKA MONTPELLIER. Manaporofo izao fa efa tsy ananan'ny fokonolona toky intsony, ny rafim-panjakana misy any an-toerana, ka naleon-dry zareo nandray an-tanana ny toe-draharaha. Kanefa dia tifitra vary raraka no nasetry izany.

**Mitaky ny Fanjakana mba:**

- Handray an-tanana ny ilain'ireo niharan'ny voina amin'ny lafiny rehetra.
- Hanasazy tsy misy hatak'andro ireo tompon'andraikitra sy mpanatanteraka baiko ka nahatonga izao vono olona faobe izao.

Tsy manam-piahy intsony ny Malagasy, fa na ireo natao hiaro azy, aza dia lasa biby fampitahorana sy famonoana vahoaka.

Omeo rariny ny vahoaka an'Ikongo, omeo rariny ny vahoaka Malagasy.

Natao androany , alarobia 31 aogositra 2022, teo Montpellier, France.

***Helisoa***

VVSD sy ny Collectif des Citoyen d'origine Malgache Monde

# Nitondra teny fampiononana ho an'ireo niharam-boina any Ikongo

Mitondra ny teny fampiononana ho an'ireo fianakaviana namoy fianakaviana tany Ikongo ary miray fahasitranana ho an'ireo naratra izahay Vondrona VVSD sy collectif des Citoyens d'origine Malgache Monde. Izahay hoy ny fanambaràna dia hampita sy hanampy ary hitady ny rariny sy ny hitsiny mikasika ireny zava-doza tany Ikongo ireny ary ireo tsy fanajana lalàna tsapa sy hita zarain'ireo Malagasy maro aminay izay mizaka ny tsindry hazo lena. Ankoatra izay dia manasa an'ireo Malagasy monina any ivelany ny fikambanan'ireo Malagasy mizaka ny zompirenena Malagasy any ivelany ho avy hanatrika ny Forum des associations ho atao ny sabotsy 3 septambre 2022 ho avy izao, ao amin'ny tanànan'ny Clamart 92140. Amin'ny maha forum azy dia feno fikambanana ho avy ao ahafahana miafanakalo hevitra sy midinika mikasika ny anjara birikin' ny diaspora aty ivelany ho an'ny firenena misy azy sy ny niaviany. Io forum io dia hiarahana aminy tananan'i Clamart sy ny olomboafidiny izay hanokatra amin'ny fomba Ofisialy izany manomboka aminy 10 Ora maraina hatramin'ny 6ora hariva. Handray anjara ao anatin'ny Forum ny VVSD na Vehivavy Vonona sy Sahy Diaspora Ary ny 2CO2M na Collectif des Citoyens d'Origine Malgache Monde ao Eoropa . Marihina fa mitsangana amin'ny fomba ara-panjakana daholo ireo fikambanana ireo ary azo jerena eo amin'ny Journal Ofisialy ny firenena Frantsay izany. Ny collectif des Citoyens d'Origine Malgache Monde koa dia mijoro tahaka izany koa ny any États-Unis ho an'ny Amerika avaratra, ary ny zava-misy tsy ara-drariny sahala amin'izao indrindra no antom-pisiany . Mampahafatatra ny iraisampirenena, manamafy ny feon'ny vahoaka tsy mandady arona any amin'ny tany lavitra andriana, fa indrindra miasa mangina mba tsy ho vita mora sy afa-maina ka manantena hialokaloka any ivelany ireo manao ny tsy mety.Koa ho an'izay aty ivelany ka mazoto ny hifandray sy hahalala misimisy kokoa ny momba anay dia tongava amin'ny asabotsy ho avy izao ao amin'ny Forum des associations Clamart, adiresy place du panorama 92140 Clamart manomboka aminy 10 Ora maraina. Azonao atao koa ny mijery ny pejy Facebook ny Collectif des Citoyens d'Origine Malgache na ny pejin'ny ville de Clamart mikasika izay.

***Helisoa***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

# Miharatsy hatrany ny lalan-kizoran'ny firenena

Miditra sahady amin'ny volana fahasivy amin'izao taona diavina izao isika ankehitriny. Mihazakazaka ny andro sy ny volana ary volana efatra sisa araka izany dia hivalona ny taona. Toy izany koa anefa ny zava-misy sy mitranga eto amin'ny firenena, indrindra ny fitrangan-javatra manimba na manaratsy endrika mihitsy ny firenena saiky miseho isan'andro vaky izao. Anisan'izany ny zava-nitranga tany Ikongo izay nahavaky fo sy nandona ny sain'ny olom-pirenena maro. Efa be resaka sy ny famakafakana ny amin'izany manoloana ny fihetsiky ny lazaina ho tandroka aron'ny vozona sy mpiaro ny vahoaka sy ny fananany. Teo ihany koa ny fihetsika sy ny teny nambaran'ny mpitondra isan-tsokajiny miainga amin'ny filohan'ny repoblika. Malagasy mandatsaka aina sy rà malagasy mpiray tanindrazana aminy. Mbola miseho izany ankehitriny ao anatin'izao fitondrana Rajoelina izao izay mihambo ho mahatsapa sy mahalala ny iainam-bahoaka. Aoka tsy ho adinoina fa mipetraka ho tantara, nambaran'ny Andry Rajoelina tao amin'ny Lapan'ny Kolontsaina Mahamasina indray andro, nanoloana ny vahoaka mpanohana azy sy tamin'ny lampihazo mirenty mahazatra azy ireo hoe: "tsy hisy intsony, ary tsy azo ekena ny hisian'ny Malagasy mandatsaka aina sy rà Malagasy". Ny nitranga tamin'ny 7 febroary no tao an-tsainy sy antony nilazany izany tamin'izay. Ankehitriny, efa-taona latsaka kely tamin'ny nitondrany, mitranga sy nataon'ireo olom-peheziny izany. Ny hany mba nambarany aza dia hoe hosokafana haingana ny fanadihadiana. Raha vao miresaka na miteny hoe "fanadihadiana" koa anefa ny fitondrana dia ny an-tsain'ny olom-pirenena maro ny amin'ireo zava-nitranga maro, izay nisy nahafatesana mpiray tanindrazana toy ny tao anaty hetsika nataon'ny mpianatra tany amin'ny oniversitén'i Toamasina na ny tany Toliara, izay nilazana fa hanaovana fanadihadiana kanefa hatramin'izao tsy hita izay tohiny sy niafaràny. Araka izany tsy nampiraika ny olom-pirenena ny teny nambaran'i Andry Rajoelina, fa niteraka ahiahy aza fa ho very an-javony toy ny raharaha maro ilain'ny vahoaka fanazavana sy mangarahara ka hanambarana ny marina.

Ny ahian'ny mpamakafaka sy mpanaraka ny raharaham-pirenena aza, dia ny mbola hitohizana na ny hitrangan'ny toy izao ihany any aoriana raha mahita ny fihetsik'ireo lazaina ho mpitandro filaminana tsy misaina afa-tsy ny baiko nomena azy amin'ireo mpanohitra sy mikasa haneho hevitra na dia amin' ny faritra voafefy aza. Anisany ny antony anambarany izany ny nitranga teny amin'ny Magro Behoririka ireny sy ny tany amin'ny faritra samihafa toy ny tany Antsiranana na Mahajanga sy ny toeran-kafa. Mampanahy fatratra ny lalan-kizorana na ny hitondrana ny firenena, ary io no efa ambara mandrakariva vao tany am-piandohan'izao fitondrana izao aza izany, fa mandeha amin'ny lalana mikitoantoana na lalan-dratsy ny firenena. Vao mainka manamarina izany ny zava-misy tato ho ato.

***Sôh'son***

Rina Randriamasinoro : Vono olona tao Ikongo

# Ny fototry ny olana no tena tokony hitadiavana vaha-olana

Manoloana ny namoizana aina mpiray tanindrazana tany Ikongo dia naneho ny heviny ny SGTIM Rina Randriamasinoro . Amiko hoy izy matoa ny olona mitaky fitsaram-bahoaka dia tsy matoky ny mpitandro filaminana sy ny rafi-pitsarana noho ny antony samihafa. Olona 4 no narovana tamin'izany raharaha izany, vokany olona maherin'ny 20 no maty ary maro no naratra.

Samia mandinika fa efa tsy mandeha araky ny tokony ho izy intsony ny zava-misy ankehitriny. Mirary fiononana hoan'ny havan'ny maty ary mirary fahasitranana ho an'ireo mbola manaraka fitsaboana.

Mirary soa ho an'ny Malagasy rehetra.

***Helisoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Raharaha Ikongo

# Nisy nanome baiko ny zandary matoa nitifitra

Misarika ny saina hiverina any amin'ny taona 2009 indray, ny tranga misy eto amin'ny Fienena nandritra ny taona roa na telo nipetrahan'izao Repoblika IV andiany faharoa nitondran-dRajoelina Andry sy ny ekipany izao. Iaraha-mahatadidy ny kononkonona nataon'ny ben'ny tanàna sy ny TGV na ny Mapar teny Ambatobe, ka nilazan'izy ireo fa tsy ho tafita ny tolona raha tsy misy rà latsaka. Tsy ampy tokoa, angamba, ny nanaovana sorona andian'olona ny Alatsinainy Mainty 26 Janoary, ka nomanina ny Sabotsy mainty 07 Febroary 2009. Raha dinihana ireo tranga ireo dia tsy nisy fitifirana avy amin'ny mpiambina ny fiadidiana ny Repoblika (GP), na ny mpitandro ny filaminana no namoizan'ny olompirenena maro ny ainy, fa noho ny fitiavana fandrobàna ka tao, etsy an-daniny, ny nianjeran'ny gonimbary ary tao koa, etsy an-kilany, ny tifitra tsy avy ao an-dapan'Ambohitsorohitra fa avy amin'ny foloalindahy (zandary, miaramila) mpikomy niara-dia tamindRajoelina Andry. Tsy nisy koa ny fanakantsakanana ny mpanao fihetsiketsehana teny an-dàlambe na teny an-kianja fa nigalabona nanao izay tiany natao ny mpanomana fanonganam-panjakana. Nanomboka ny taona 2019, taona nandraisan'ny filohan'ny Repoblika ny fitondrana tamin'ny alàlan'ny didy navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia tsy fantatra intsony; na natao ny sorona (fandatsahan-drà) hijanonan'izao fitondrana izao eo amin'ny toerany; na firosoany amin'ny fanjakan'olon-tokana ho tompon'ny fahefana rehetra (mpanatanteraka, mpanao lalàna, fitsarana), ka hampihàtra ny didijadona. Amin'izao fitondrana izao dia tsy nitsahatra ny fitokonana: mpiasa, mpandraharaha eny amin'ny Oniversite, mpitsabo mpanampy, mpianatra, mpitatitra, mponina misedra olana any amin'ny tanàna misy azy any, sns,… Niaraha-mahatadidy fa nisy fifandonana sy famoretana foana tamin'ireny hetsika ireny. Nisy rà latsaka sy aina nafoy mihitsy, toy ilay mpianatry ny Oniversite tany Toamasina izay niverenan'ny bala teo amin'ny feny nefa natao tifi-danitra, ny tany Toliara. Tany Avaratry ny Nosy moa dia tanàna iray manontolo no nodoran'ny polisy ary nosamborina ny mponina sasany nentina tany Mahajanga. Tao Farafangana dia notifirina tsy nananana antra ireo gadra nitsoaka avy tao am-ponja. Tsy azo lavina fa faritra mena ireny toerana ireny kanefa ny mpanongampanjakana tamin'ny 2009 anie nahafantatra, fa faritra mena tsy azo idirana ny Lapam-panjakana Ambohitsorohitra, ary niaraha-nahita tamin'ny horonantsary fa efa nampitandrina sy nanakana ireo mpanao fihetsiketsehana tsy hihoatra ny faritra iray kanefa dia tsy nanaiky ny filohan'ny AV7, satria efa nazava ny toromarika fa tsy maintsy misy rà latsaka. Manome toromarika ny ao amin'ny governemanta momba ity raharaha Ikongo ity, fa tokony hampianarina lalàna momba ny faritra mena ny vahoaka Malagasy. Izao fitondrana izao anefa no nanome "tsodrano" nangalana ny Lapam-panjakana Ambohitsorohitra ny 07 Febroary 2009. Nisy nanome baiko ny zandary matoa nitifitra, avy ao an-toerana ihany, na avy aty ambony mihitsy, saingy tsy ny hampiongana azy eo amin'ny fitondrana no nandatsahana rà, fa ny hijanonany eo amin'ny fitondrana amin'ny fifidianana manaraka. Ny tody anefa tsy misy fa ny atao no miverina, ka mpamosavy milevina amoron-dàlana ka mahatatesa valin-kitsaka hoy ny Fahendrena malagasy ihany. Nitsoaka niala ny tanàna avokoa ny manampahefana sy ny mpiaro ny vahoaka sy ny fananany rehetra, satria mahatsapa fa tsy mihodina araka ny rariny sy ny hitsiny ny fitantanana ny fiainam-bahoaka sy ny fampiharana ny lalàna tao amin'ity tanàna ity. Ny tena mahavariana amin'izao fitondrana izao dia misy faty olona vao mihetsika sy mitondra fanampiana, kanefa tsy mampody ny ain'ny namoy izany fa toa zary fandatsana ihany. Ny maha lasa saina ihany koa dia toa te-hampiseho izao fitondrana izao fa tan-dalàna kanefa ny hetsika sy ny fomba fitantanany dia tsy misy manara-dalàna, satria mampibaribary ny fanitsakitsahana sy tsy fanajana ny Lalàmpanorenana. Tsy vitan'izany, fa rehefa misy tranga toy izao dia mitohy foana, hono, ny fanadihadiana kanefa dia very an-javony avokoa izany. Anisan'ny olompirenena miaramonina amin'ny mpiray tanindrazana aminy ireo lazaina fa mpitandro filaminana fa tsy antokon'olona avy any ivelany toy ny tamin'ny fanjanahantany ka afaka manavaka ny baiko tsy azo tanterahina sy azo atao tsy hiteraka valifaty sy fifankahalana eo amin'ny mpiara-belona.

**Andry Tsiavalona**

Jean Brunelle RAZAFITSIANDRAOFA

# Manameloka tanteraka ny famonoana faobe ireo mpiray tanindrazana



Nalahelo mafy ny solombavambahoaka voafidy tany Ikongo sady filoha lefitry ny antenimierampirenena ao amin'ny faritany Fianarantsoa Jean Brunelle Razafitsiandraofa . Nisy ny fanambaràna nataony vokatr'izany « Tsy manam-pidy ny aina » hoy izy, ary isan'ireo soatoavina maha-malagasy ny fitandroana ny aina. Mifampitsinjo sy mifanampy ny samy malagasy fa tsy mifamono. Isan'ny voina lehibe indrindra nahazo ny firenena izao zavatra nitranga tany Ikongo izao. Maro be ireo maty ary Malagasy tsy manantsiny daholo izy ireo. Manoloana io toejavatra mampalahelo io, dia miara- ory amin'ireo havana, fianakaviana ary mpiray tanindrazana amiko izay namoy zanaka, raiamandreny, mpiray tampo ary havana. Mirary fahasitranana malaky ihany koa ho an'ireo marary izay mbola miatrika fitsaboana amin'izao fotoana izao. Ny Manameloka tanteraka ny famonoana faobe ireo mpiray tanindrazana aho hoy izy . Malagasy ireo novonoina ireo, ary na inona na inona antony, tsy mendrika izany ny vahoaka ao Ikongo. Malagasy tahaka anao ihany ny vahoaka ao amin'ny Distrikan'Ikongo, mpiray tanindrazana aminao. Saingy, isan'ny vahoaka adino foana izahay ao amin'ny distrikan' Ikongo nandritran'ny taona maro. Ka mba mangataka ny fitondram-panjakana mba handray ny andraikiny ao anatin'ny fotoana malaky amin'izao voina sy fahavoazana lehibe mahazo ny mpiray tanindrazana izao. Amin'ny maha solombavambahoaka ny tenako, heveriko ho adidy ny tsy maintsy anaovana fanadiadina na « enquête parlementaire » mahakasika ity raharaha ity hahafahana mamoaka ny marina rehetra, hahafantarana raha nanara-dalàna ny fitifirana ireo mpiray tanindrazana, raha nanaraka ny paik' ady rehetra lazain'ny lalàna ny fitifirana natao, raha nisy ny baiko nomena ary hahafantarana ny tompon' andraikitra nanome izany baiko izany. Hisy ihany koa ny fitarainana ho apetraka eny anivon'ireo sampan-draharaha malagasy na iraisam-pirene-na misahana ny zon'olombelona, satria dia hita fa fanitsakitsahana ny zo fototra ananan'ny tsirairay izao vono olona marobe natao izao. Raha ny zavatra fantatra hatreto, tsy nisy porofo afaka hilazana fa nisy « danger imminent » ho an'ireo zandary ireo olona novonoina ireo. Tany ivelan'ny faritra mena izy ireo ary nitodi-damosina ny zandary daholo arak'ireo sary miparitaka any anaty tamba-jotra-tsarasera. Tsy misy antony tokony nitifiran'ny zandary azy ireo mihitsy arak'izany.
Marihiko manokana fa toe-javatra tahak'izao no mahatonga ny mpiray tanindrazana tsy hahatoky intsony ireo mpitandron' ny filaminana eto amin'ny firenena. Fotoana izao hijerevana sy hanarenana ireo lesoka rehetra mba tsy hiverenan'ny famonoana.

**Helisoa**

TIAKO I MADAGASIKARA TOAMASINA

# Avadika asa ny toromarika nomen'ny filoha Ravalomanana

Nandalo tany Toamasina ny filoha Marc Ravalomanana ny faran'ny herin'andro teo nanatrika ny fihaonamben'ny tanora kristiana STK FJKM . Nandritra ny fandalovany tany antoerana dia nisy ny fihaonana tamin'ireo lohandohany mpitarika ny antoko TIM ao Toamasina , ka nanomezan'ny filoha Marc Ravalomanana toromarika ho azy ireo. Antoko miaina ary manana ny vina amin'ny ho avy ny antoko Tiako i Madagasikara ka mijery amin'ny fomba rehetra izay hampiroboroboana azy. Ny fifidianana rahateo efa miha manakaiky ka tsy maintsy miomana amin'ny zavatra rehetra. Nisy araka izany ny fivoriana niarahana tamin'ireo mpitarika tany antoerana ny alatsinainy 29 AOGOSITRA teo, izay notarihin'ny mpandrindra nasionaly ny antoko TIM Jean Claude Rakotonirina sy ny filoha lefitra nasionaly ny antoko TIM Faritany Toamasina Randriatsalama Jacquie ary ireo birao mitantana ao Toamasina. Tonga nanatrika izany ny mpitarika ny vehivavy TIM , tanora TM ary ireo sampana TIM any antoerana . Nivoitra nandritra ny fihaonan'ny birao politika nasionaly TIM sy ireo tompon'andraikitry ny antoko tao Toamasina fa avadika asa avy hatrany ireo toromarika nomen'ny filoha Marc RAVALOMANANA nandritra ny fandalovany tao antoerana. Ny zavadehibe miandry araka ny nambaran'ny mpandrindra nasionaly Jean Claude Rakotonirina dia hajoro ireo andrimaso mialoha, mandritra ary aorian'ny fifidianana izay ho avy tsy ho ela amin'ny taona 2023 . Eo ihany koa ny fananganana ny komity comite de visilance eny amin'ny fokontany hanaramaso ny lisimpifidianana izay havaozina tanteraka araka ny nambaran'ny CENI . Ankoatra izay dia manentana ny faritra rehetra ao amin'ny faritany Toamasina tsy hatoritory manandraharaha , fa adidy mavesatra no miandry antsika hoy ny filoha Lefitra nasionaly TIM faritany Toamasina Randriatsalama Jacquie.

**Helisoa**




## TONONKALO

### NY FILOHAM-PIANGONANAY

Tsy mba ny filohanay no ilay mpiteniteny foana,
Toy ilay iray efa malaza ny amin`ny teny tsy tsaroana.
Fa ny anay mpanetry tena sady olon`ny finoana,
Tsy mba sefon`ny mpandainga , tsy mba olo-misavoana !

Tsy mba ny filohanay no ilay mpanao ronono an-tavo,
Toy ilay iray mpilingilingy tia mihanika amin`ny avo.
Fa ny anay dia olon-tsotra , tsy mpanao tsindrio fa lavo,
Tsy tahaka ilay be vava tia mirehaka ho "favo" !

Tsy mba ny filohanay no ilay mpideradera tena,
Havanana amin`ny fitapitaka ary koa hafetsena.
Fa ny anay dia tia mitaona ireo mpitondra firenena,
Mba tsy hanompo zava-kafa toy ny vola aman-karena !

Tsy mba ny filohanay no ilay mpampiesona am-pitoerana,
Sy miteniteny foana , manao zava-tsy am-piheverana.
Fa ny anay dia tena tsotra , mora fo sy be fitserana,
Ary rivotra iainany izany atao hoe fandeferana !

**IRINA HO TAFITA (30-08-22)**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Rajepa

Santionany tamin'ny zava-nitranga tany Ikongo.









Ny hetsiky ny mpianatra teny Vontovorona Omaly.









# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao


Helisoa, Isambilo

**Valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety nataon'ny ny Tafo Mihaavo ary ny AVG na ny Alliance Voahary Gasy mahakasika ny zava-mitranga ao Andriankely Ambohimiadana Andramasina**









**Ny fihaonana tamin'ireo mpitarika ny TIM tany Toamasina.**











VOKATRA FANONDRANA

# Tafakatra 4.800.000 Ar any, ny lavanila masaka any ivelany

24000 Ar eo ny vidina singana lavanila iray, na gousse de vanille iray any ivelany. Arak'izany, lafo vidy tokoa ity vokatra fanondrana anisan'ny mampalaza an'i Madagasikara ity any ivelany, ny vidin'izany vokatra izany eny amin'ny tantsaha mpamokatra eto amintsika anefa dia azo lazaina ho ambany ihany, satria noferan'ny fitondrana ho 70000 Ar ny vidin'ny iray kilao, amin'ny faritra sasany aza anefa, mora lavitra noho izany ny vidiny: 20000 Ar, na tafidina hatramin'ny 15000 Ar akory aza. Arak'izany, mahazo




tombony be tokoa ny mpanondrana ity vokatra fanondrana ity eto amintsika, raha tarafina amin'io vidiny lavanila singany iray io. Ny 1 kg lavanila maitso dia hahitana voana lavanila 36 ka hatramin'ny 40. 5 kg lavanila maitso anefa no hahazoana 1 kg lavanila masaka, noho izany ny lavanila masaka 1 kg mety misy voany na singana lavanila 180 ka hatramin'ny 200 isa. Eo amin'ny tsena iraisam-pirenena noho izany, ny lavanila masaka 1 kg dia mety hahazoana hatramin'ny 4,8 tapitrisa Ar ny vidiny na 4.800.000 Ar eo. 250 dolara no lazain'ny mpitondra eto amintsika fa vidiny any ivelany, nefa raha io kajy sy zava-misy io dia tafakatra hatramin'ny 1200 dolara amerikana any ny vidin'ny lavanila masaka eo amin'ny tsena iraisam-pirenena. Misy tombony mihoa-pampana be lasan' ireo mpanondrana, nefa ny tantsaha tena mpamokatra tsy mahazo izay tombontsoa tokony ho azo amin'ity vokatra fanondrana ity izay.

***Aly***

Ikongo

# Voafonja miisa 120 mahery mbola tsy tafaverina

Voafonja miisa 125 hatramin'izao no mbola tsy tafaverina ao amin'ny fonjan'Ikongo any amin'ny faritra Fitovinany. Tsy vaky akory ny fonja ny alatsinainy teo, fa tsy nisy mpiambina intsony izany toeram-pigadrana tany an-toerana izany, satria lasa nandositra avokoa ny mpitandro filaminana sy ny mpiandry fonja, noho ny korontana tany an-toerana, ka nahafatesana olona miisa 20 mahery. Hatramin'ny omaly, miisa 50 kosa ireo gadra niverina amin'ny nahimpony ao amin'ity fonja any



an-toerana ity. Amin'izao fotoana izao, azo lazaina ho efa miverina amin'ny laoniny ny filaminana ao amin'ny renivohitr'ity distrika ity, tonga tany antoerana ny tompon'andraiki-panjakana, ary efa niverina koa ireo mpitandro filaminana sy ireo mpiasan'ny fitsarana, efa nisy koa ireo mpitandro filaminana fanampiny, na renfort. Simba noho ny rivo-doza nandalo farany teto amintsika ireny ny fonjan'Ikongo, ny tranon'ny fizahantany any antoerana no mandray ireo voafonja ireo ankehitriny, ny fefy dia fefy fanitso fotsiny, koa tsy nahagaga raha nivoaka niala tao ireo voafonja, satria tsy nisy mpiambina koa tao aorian'ny savorovoro ny alatsinainy teo iny.

***Stefa***

Amirale Van Alexandre

# Miantso ny fianakaviambe iraisammpirenena handray andraikitra

Malagasy tanora mila ravinahitra any Frantsa Amirale Van Alexandre no maneho ny heviny manoloana ny vono olona nitranga tany Ikongo

Nangovitra ny tanana hoy izy ary tsy hita izay ho raisina, tora-kovitra ny tongotra ka niova ny fandeha raha nahare ny zava-miseho fa Malagasy mitovy amin'ny tena efa 26 no namoy ny ainy tao Ikongo. Misy ny fanajana ny aina izay zo faratampony amin'ny zo ananan'ny olombelona rehetra eto Madagasikara izay ny lalàna iraisam-pirenena no milaza sy mametraka izany. Ka noho izany dia miantso ny fianakavimbe iraisampirenena sy ireo rafitra iraisampirenena rehetra mba hijery sy handray andraikitra aingana dia aingana amin'izao zava-nitran- ga mahatsiravina izao eto amin'ny firenena izao Ny tenako kosa hoy Amirale Van Alexandre dia miondrika ampanajana eo anatrehan'ireo namoy ny ainy ary mirary fahasalamana ho an' ireo naratra mafy rehetra.

***Helisoa***

Fiangonana Jesosy Mpamonjy eto Madagasikara

# Nankalaza ny faha-30 taona nijoroany

Natao tamin'ny asabotsy 27 sy alahady 28 aogositra 2022 lasa teo teny amin'ny kianjan'i Benasandratra ao Fenoarivo ny fankalazana ny faha-30 taona nijoroan'ny Fiangonana Jesosy Mpamonjy teto Madagassikara ka fotoam-bavaka nandritran' ny 2 andro no nanamarihana an'izany; Ny andro voalohany dia fitorianteny notarihan'i Pastora Rakotovao Jean Pierre avy any Mahajanga izay filohan'ny fikambanana Mpitandrina ka namelabelarana ny lohahevitra : "Ny fitiavan'Andriamanitra antsika sy ny tokony hifankatiavantsika" izay nalaina tao amin'ny I : Jaona 4/8. Tamin'ny tapany hariva kosa dia i Pastora Rakotonirina Edmond avy any Miarinarivo no nitoriteny ka ny lohahevitra tamin'io indray dia : "Ny fomba hahazoan'ny olona ny famonjena , ka handovany ny fiainana mandrakizay" nalaina tao amin'ny I Petra 1-9, sy Mat 1/21. Nisy ny fijoroana vavolombelona tamin'ny fanasitranana nataon'ny Tompo tamin'ireo mpino taoriana'izany. Tamin'ny alahady 28 aogositra 2022 no famaranana , ka ny Pastora Ratsimanosika Jean Emile avy ao Soavimansoandro no nitondra ny tenin'Andriamanitra. Ny "fijorona amin'ny fanompoana an'i Tompo" no lohahevitra nanompanana ny toriteny tamin'izany izay nalaina tao amin'ny Daniel 3/16-18 dia ny tsy naneken'i Sadraka sy Mesaka ary Abednego ny hiankohoka tamin'Andriamanitra volamena izay nataon'i Nebokadnezara. Nisy ny firahan'ny dahologe nahitana ny solontenan'ny lafivalon'ny Nosy nisakafo avy eo nanehoana ny fifankativana sy ny fifantohana tamin'ny vavaka ka nahitana ny endrim-pahamasinan'ny tsirairay avy. Marihana fa eo Anosibe no misy ny foiben'ity fiangonanana Jesosy Mpamonjy ity fa tsy ilay Jesosy Mamonjy eo Ankorondrano tsy akory izay hirariana ny hiverinany amin'ny fahamasinana sy fifankativana tahaka nymisy ao amin'ity fiangonana Jesosy Mpamonjy ralahiny ity.

***Rainilita***

Fampianarana ambony

# Mitroatra indray ny mpianatra eny Vontovorona

Migrevy sy mitroatra indray ny mpianatra eny amin'ny Oniversite pôlyteknika eny Vontovorona Antananarivo Atsimondrano amin'izao fotoana. Nisy ny hetsika fanakanan-dalana, sy tora-bato ary fifandonana tamin'ny mpitandro filaminana tamin'izany. Mitaky ny vatsim-pianaran'izy ireo mbola tsy azo ireto mpianatra ireto, misy koa ireo mbola tsy nahazo mihitsy izany vatsim-pianarana izany, na efa nanao fanitsiana sy fitarainana tamin'ny tompon'andraikitra aza izy ireo. Fitondrana variana amin-javatra hafa sy rendrarendra izao fitondrana Rajoelina izao, fa tsy mijery izay tena olam-bahoaka sy ny olan'ny mpianatra, ny olan'ny mpiasa samihafa, koa tsy mahagaga raha tsy voaloany toy izao hatrany ny volan'olona. Mbola mitoetra hatrany hatreto ny filazana izao fitondrana Rajoelina izao hoe: "fitondrana tsy mahaloa, na tsy mpandoa volan'olona."

***Isambilo***



Fitateram-bahoaka:

# Any akibon'ny omby ny bus 1000

Fiara fitaterana 1000 isa hono higadona hiasa eto Antananarivo aoriana kely ao, izay soritina fa fiara vaventy mahazaka mpandeha 50 mitondra olona mipetraka sy mitsangana toy ireny minibus taloha ireny. Nefa raha ny feo azo teny rehetra teny dia marobe no tsy mankasitraka , hoy ireo mpamily sendra anay . Dia hanao ahoana ireto taksibe miasa marobe ireto?, mba mifanaraka amin'ny lalana eto an-toerana sy ny hamaroan'ny fiara sy moto mifamezivezy eto andrenivohitra ve izany?, ny taxi moa efa mitsipaka ny taxi-moto, ny taksibe koa efa manipy feo, satria mety ho ela ary sahirana vao tafavoaka amin'ny anjara lalana iray raha ny haben'ny fiara miasa no jerena. Tany aloha raha nisy ny fiara FIMA sy FIBATA , dia mazava fa mbola vitsy an'isa ireo fiara madinika sy moto mifamezivezy Ankehitriny raha hitombo arivo isa ny fiara fitateram-bahoaka dia hanao ahoana ny fitohanana etsy sy eroa? Ny mpandeha sasantsasany koa efa nilaza fa na ny Bus-class aza fanehoana hambo sy werawera fotsiny tany am-boalohany, satria ny saran-dalana izay noheverina fa hanampy tamin'ireny fotoana ireny tonga dia avo telo heny ny vidin'ny seza iray na lavitra na akaiky ny lalan-kaleha. Ireto fiara fitaterana mitondra mpandeha mitsangana moa dia mbola tsy fantatra hoe: Ohatrinona mazava ny sarany iray?. Mbola any akibon'ny omby moa izany fa vinavinaina fotsiny io nofinofin'ny mpitondra hampiditra bus 1000 eto Antananarivo io.

***Beharo***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**13/08/2022 hatramin'ny 20/08/2022**

- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61
- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50/033 05 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51/034 89 056 09

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1338-08-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### ANDRIANKELY AMBOHIMIADANA ANDRAMASINA

# Loza, lasan'olon-tsotra ny faritr'ala miantoka ny rano sotroin'Antananarivo

Zava-doza ny zavamitranga any Andriankely kaominina Ambohimiadana distrikan' Andramasina faritra Analamanga amin'izao fotoana, satria lasan'olon-tsotra ny faritra ala miantoka ny rano sotroin'Antananarivo sy ny manodidina. Manoloana izany, nisy ny fanambarana nataon'ireo fiarahamonim-pirenena : Rohy : Rindran'ny Olompirenena Hiarovana ny Iaraha-manana, ny Tafo Mihaavo ary ny AVG na ny Alliance Voahary Gasy :



### Tsy ekena

« Tsy ekena ny fanaovana tsindry ireo Fokonolona sy ireo VOI izay manao ny aina tsy ho zavatra ho fiarovana ny Tontolo iainana ho tombotsoa iombonana,tsy rariny ny fitsaràna sy raharaha tontolo iainana. Ny Fiarovana ny Tontolo Iainana dia andraikitry ny rehetra ary ny Fanjakana dia manome lanja ireo Fokonolona izay solontenan'ireo Vondron'olona Ifotony amin'ny alalany lalàna 96-025, izay manamafy ny fandraisan'ireo Olona eny Ifotony amin'ny fitantanana maharitra ireo Harena Voajanahary. Ka manoloana ny zava-misy ao amin'ny Faritr'Ala ao Tsiazompaniry tantanin'ny VOI Tsarafara ao Andriankely Fokontany Manandriana, Kaominina Ambohimiadana, Distrika Andramasina, Faritra Analamanga, izay faritr'Ala miantoka ny Rano sotroin' ny Renivohitra Antananarivo ary ny VOI Tsarafara, no mitantanana izany nandritra ny 20 taona latsaka nanomboka ny tao-na 2004 dia indro an- kehitriny fa lasan'olona tsotra.

### Onitra


Tsara ho marihina fa efa resy in-telo io olona iray io ary in-telo nomena rariny ny VOI nandritra ny fitsarana natao tany Ambatolampy ary misaotra ireo mpiasan'ny Fitsarana, sy ireo Sampan-draharaham-panjakana maromaro toy ny DREDD, ny Fananantany , ny Mpitandro filaminana , ny Distrika ary ny Kaominina sns… nefa rehefa nampiakatra ny raharaha aty Antananarivo ilay olona midongy an'ilay tany dia resy ireo Fokonolona/VOI ary miala avy hatrany amin'ilay toerana ary mandoa onitra 10 tapitrisa araka ny didy navoakan'ny Fitsarana ny 17 Aogositra 2022. Manoloana io zava-misy io dia manaitra antsika Fitondram-panjakana tandrify izahay Firaisamonimpirenena tarihin'ny Hetsika ROHY sy ny mpiara-dia aminy, anisan'izany ny TAFOMIHAAVO, ny Alliance Voahary Gasy,sns… izay mitarika ny loha-hevitra Tontolo Iainana ary eo ihany koa , ireo mpamatsy vola izay tsy nikely soroka ary nitondra fanampiana ara-bola sy ara-teknika hoentina miaro izany toerana sarobidy sy saro-pady izany, miantoka ny hoavin'ny Renivohitra sy ireo mponina ao aminy, satria io toerana io no ivon'ny loharano ivoahan'ny rano mamatsy ny aty Antananarivo. Hamafisina ihany koa fa araka ny lalàna, ny toerana iray raha nahazo famindram-pitantanana dia azo lazaina fa efa misy manajary ary ireo Fokonolona ireo amin'alalan'ny fahazoandalana avy amin'ny MEDD no miaro sy manajary izany tany izany ary efa betsaka ireo asa fanajariana efa natao tamin'izany toerana izany nanomboka tamin' ny 2002, ka hatramin' izao, toy ny fambolena ireto karazana hazo izay amin'ny velarana maro toy ny : Kininina (Eucalyptus) , Kafe Robusta, sy ireo karazana hazo zanatany maro samihafa sns… dia izay no nahatonga ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy Fandrosoana Lovainjafy nanome ny fanohizana ny fitantanana ho an'ny 10 taona manaraka indray nanomboka ny volana Desambra 2021 noho ireo fahombiazana ireo. Ka eto izahay dia mangataka ny avy ao amin'ny Fitsarana sy ireo tompon'andraikitra voakasika rehetra, satria tena tsy ekena ny fanaovana tsindry ireo Fokonolona sy ireo VOI, izay manao ny ainy tsy ho zavatra ho fiarovana ny Tontolo iainana izao, ho tombontsoa iombonana. Tsara hamafisina anefa fa tena manao ny ainy tsy ho zavatra ireo Fokonolona / VOI , anisany ohatra azo lazaina ny olana nisy izay fery mbola mipetraka eo anivon'ny mpiaro ny Tontolo iainana ary mbola tsy miravona ny tranga natao tamin'Itompokolahy RAKATOARISOA Henri, Filohan'ny VOI nonina tao Ankazondandy izay novonoin'ireo tsy mahataotody ary manome vahana ireo mpanao tsindry ny toejavatra misy toy ny misy amin'izao,» hoy ny fanambarana.

***Nangonin'Isambilo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 402**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0401)

***Mitsivalana***
- Pataloha
- Akalana
- Rano – Ilo
- Antsa – At
- Sata
- Inri – Ory
- Rava
- Ma (miv)

***Mitsangana***
- Paraky
- Naka (miv) – RN (miv)
- Tantara
- Sola (miv) – IV
- La – As
- Ony – Ao
- Halatra
- Miato (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 402




**Mitsivalana**

**1.** Mitovy amin'ny masina – Notanterahina vao haingana **2.** Foto-tenin'ny fanadinana (miv) – Bengy **3.** Sahala – Lavitra (miv) **4.** Amboarina tsara – Kianteny (miv) **5.** Efa miomana tsara – Tao **6.** Taova – Ao amin'ny Boky **7.** Mampitovy ny akoho sy ny akanga – Rainy **8.** Nanohana (miv) – Hery sy tanjany (miv) **9.** Toerana – Ao amin'ny fery **10.** Fanomezana ara-bola

**Mitsangana**

**A.** Bota – Maneno, manako **B.** Manahirana (miv) – Toerana **D.** Foko **E.** Salama (miv) – Ambany **F.** Mandalina maharitra (miv) **G.** Vizana – Hita ao amin'ny zipo **H.** Tsy lavitra – Fanafody **I.** Maneho fanoherana – Vorona **J.** Rango-pohy (miv) – Mpanoritra **K.** Hamerezana

### Valiny Teny mifanaraka 0401

**Mitsivalana**

**1.** Ampelatovo **2.** Koa - Enina **3.** Ody - Ota - Zo **4.** Nino - Mav(o) **5.** Dago - Kaina **6.** Kanety **7.** Atao (miv) - Raràn(a) **8.** Orana - Ana **9.** Akaton - Ry (miv) **10.** Sa - Trano (miv)

**Mitsangana**

**A** Akondro - As **B.** Modia - Aoka **D.** Paingotra **E.** OO - Aato **F.** Leo - Non(o) **G.** Antakarana **H.** Tia - Ana - Ar **I.** No (miv) - Miera **J.** Vazantany **K.** Ovainare(o)

**NY TENY FIAINANA**

*Ho avy faingana aho, tano mafy izay ananao mba tsy hisy haka ny satro-boninahitrao*

***Apokalipsy 3 : 11***

**“Qualification CAN U 23 MAROC 2023”**

## Ny lisitr'ireo mpilalao Malagasy nantsoin’i Boualem Mankour



*Ny Mpanazatra ny Barea U 23*

Efa fantatra avokoa ankehitriny ny lisitr' ireo mpilalao Barea U 23 Malagasy nantsoin’ ny mpanazatra Boualem Mankour hiatrika ny fifanintsanana hahazoana miatrika ny CAN MAROC 2023. Marihuana fa ny dingana voalohany “1er tour” hifanandrinan’i Madagascar sy Seychelles dia ho tanterahina amin’ ny 19-27 septambra 2022 ho avy izao ka aty Madagasikara no hatao ny lalao mandroso. Ireo mpilalao voaantso Mpiandry harato : Tsanta (Jet Kintana), Enzo (Dijon France), Cleever (Tia Kitra Fc), Vodilaharana : Claude (Zanakala Fc), Latane (Uscafoot), Matis (Fc Chambly France), Mick (Aubagne France), Mahavy (Mama Fc), Issouf (Jtm Boeny), Sandro (Stade Laval France), Safidy (Fc Nantes Franceà, Irakiraka : Mamisoa (Elgeco Plus), Paul ( Fc Deols France), Rayan (Is Selongey France), El Madary (St Michel United Seuchelles), Efraim (Zanakala Fc), André (Fosa Juniors Fc), Pareil (Jet Kintana Fc), Lohalaharana : Andoniaina (Ajesaia), Ryan Hery (Disciples Fc), Sayna (Olympique Marseille France), Fabio (Mama Fc), Arnaud (El Gouna Fc Egypte), Zilofo (Cs Chenois Suisse), Mpilalao fiandry : Davidson (Stade Laval France), Mamisoa (As Fanalamanga), Rova (Cffa), Elisco (Elgeco Plus), Zizou (Estac Troyes France), Fauchard (Us Colomiers France), Abdourazak (Estac Troyes Franceà, Dejar (Montpellier Hsc France). Mpanazatra : Boualem Mankour.

***Rainilita***

**Fifanintsanana Chan 2022**

## Efa eto Antananarivo avokoa ny Barea sy Crânes



*Barea Chan tany Botwana*

Fantatra ankehitriny araka ny vaovao voaray fa efa eto Antananarivo avokoa ankehitriny ny ekipam-pirenena Chan Malagasy sy Botwaney avy niatrika ny lalao mandroso amin’ny fifanintsanana hahazoana miatrika ny Chan Algérie 2022 tany Botswwana tamin’ny sabotsy 27 aogositra lasa teo. Efa mipetrapetraka avokoa ankehitriny ny fandaharam-potoanan’ny roa tonta hiatrika ny lalao miverina hotontosaina etsy amin’ny kianjan’i Mahamasina rahampitso zoma 02 septambra 2022. Tamin’ny omaly alarobia 31 aogositra tamin’ny 4 ora tolakandro dia nisy ny “ séance d’entraînement officiel des Barea - Kianja Barea Mahamasina” Anio alakamisy 01 Septambra amin’ ny 4 ora tolakandro dia hisy ny “ séance d’entraînement officiel Botswana - Kianja Barea Mahamasina” Conférence de presse - Jeudi 01 Septembre - Kianja Barea Mahamasina 15h30 : Botswana 15h45 : Madagascar.

***Rainilita***

**CAN Handball U 18 2022”**

## Lavon’i Rwanda ny Akio Madagascar




*Akio U 18 Malagasy vs Rwanda*

Lavon’ny ekipan’i Rwanda mpampiatrano 53 - 32 ny Akio Madagascar U 18 tamin’ny andro voalohan’ny fifaninanana « Championnat d’Afrique des Nations de handball cadets izay notontosaina tany amin’ ny kianja «Kigali Arena" any Kigaly Rwanda. Omaly alarobia no niakan-tsehatra faharoa ka nihaona tamin’i Algérie izay resin’i Egype 43 – 19 teo amin’ ny andro voalohany ny Ankio U 18. Marihana fa izay ekipa roa voalohany ao amin’ny vondrona misy azy no hiatrika ny lalao ankatoky ny famaranana amin’ity fifaninanana ity.

***Rainilita***

**Camp de Basketball BWB Africa 2022**

## Nifarana omaly alarobia 31 aogositra

Nifarana omaly alarobia 31 aogositra ny fiofanana basikety « Basketball Whitout Borders Africa » natokana ho an'ireo mpilalao Tanora SANGANY indrindra avy amin' ireo Firenena Afrikana miisa 26 izay natao tao amin'ny Kianja Hassan Moustafa Arena ao Le Caire EGYPTE ka anisan’izany i Madagasikara izay nanana solontena roa nandray anjara dia i M'MADI Mathias sy i ANDRIANTSARAFARA Lova. Marihana fa ny mpikarakara avokoa no niantoka ny fampitaovana ny ny fanamiana hoan'ireo mpilalao rehetra nandray anjara. Marihana fa nanatrika an’ity "Camp des élites de Basketball" naharitra efatra (04) andro ity ihany koa Atoa Ramaroson Jean Michel filohan'ny FMBB “Federasiôna Malagasy Basketball” izay sady filohan'ny Vaomieran'ny programampampandrosoana ny Basketball eo anivon'ny FIBA Afrique. Fantatra fa hitohy amin'ny "FIBA Regional Youth Camp" hatao eto Madagasikara ny 11 hatramin'ny 13 ôktôbra 2022 izao ity BWB hatrehin'izy mirahalahy ity.

***Rainilita***

**Basikety tompondaka nasiônaly 2022**

## Fantatra ireo ekipa ho any Ambovombe Androy sy Fianarantsoa

Fantatra avokoa ankehitriny ireo ekipa handray anjara amin’ny fifaninanam-pirenena fiadiana ny ho tompondakan’i Madagasikara 2022 eo amin’ny taranja basikety sokajy N1 B Homme sy N1B Dame ary U20 Garçon hatao any Ambovombe Androy sy any Fianarantsoa Matsiatra Ambony . Any Ambovombe Androy dia ny sokajy N1B Homme no hotanterahina any amin’ny : 03 ka hatramin’ny 11 septambra 2022 ho avy izao. Ny « Réunion technique » jia dia hatao amin’ny 02 septambre ao amin’ny « salle de réunion DRJS Ambovombe Androy » manomboka amin’ny 4 ora tolakandro. Ny fifaninanana sokajy N1B Dame sy U20 Garçons kosa dia ho tanterahina any Fianarantsoa amin’ny 03 ka hatramin’ny 11 septambra 2022. Ny « Réunion technique » kosa dia hatao ny 02 septambra 2022 ao amin’ny « salle de réunion DRJS Ambalapaiso Fianarantsoa manomboka amin’ny 4 ora tolakandro. Ireo ekipa handray anjara any Ambovombe : ANDROY : AJRT/3FB/AJCA (3), ANOSY : MBB/BCM (2), BOENY : AS VICTIRE/SBBC/BCB (3), ANALAMANGA : NGB/AMBB (2), VAKINAKARATRA : SBC (1), ATSINANANA : MBC (1), MENABE : GENERATION 619 (1), SAVA : SOMAVA (1), ALAOTRA MANGORO : SBBF (1), IHOROMBE : BCA (1), ITASY : ASB (1), ATSIMO ANDREFANA : OCB/BCEST (2). Ireo ekipa handray anjara any Fianarantsoa N1B Dames : HAUTE MATSIATRA : FANDRASA/EBF/AS EMMA (3), ANALAMANGA : LUCADRO/GNBC/MB2ALL (3), VAKINAKARATRA : FFPRO BCTM/PHOENIX (2), ANDROY : VASIA/JAP MADA (2), BOENY : YBBC (1), AMORON’I MANIA : BCES/ASLFA/PINTADE (3), ATSINANANA : CRJS (1), ATSIMO ATSINANANA : NGBB (1), ATSIMO ANDREFANA : USJFM/BCEST (2), DIANA : AS JETNO (1). U 20 Garçons : HAUTE MATSIATRA : FANDRASA/EBF/ABBF (3), ANALAMANGA DTSC/COSPN/MB2ALL (3), VAKINAKARATRA : FFPRO BCTM/ANKARATRA (2), BOENY : JSB/BCP (2), AMORON’I MANIA : BCF (1), VATOVAVY : JAP MADA/TMM (2), FITOVINANY : ASMB (1), ATSINANANA : ASCUT/COSPN2 (2), SAVA : SOMAVA (1), IHOROMBE : V2BC. ALAOTRA MANGORO : ABBC, BETSIBOKA : TGBC/AMBOUP’S (2), ATSIMO ATSINANANA : AS FANOROLAHY (1), ATSIMO ANDREFANA : ASE/BCEST (2), MENABE : MFB BBCM (1), DIANA : MFB BBCM (1).

***Rainilita***



*Fifaninanam-pirenena Basikety N1B*

Dokam-barotra
NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Tel. 034 79 076 00